
# 365Tantara 71. Pensili-hazo



# 71. Ny pensili-hazo miloko isan-karazany

Tao amin'ny hopitaly iray nisy zazavavikely voan'ny scarlatine ka natokana efitra. Ambadiky ny varavaram-pitaratra no nazaoan'ny rai-aman-dreniny mijery azy Ilay zaza anefa nahita fomba hifampiresahana aminy Tapaka taratasy no nasainy napetakin'ny mpiandry azy  teo amin'ny fitaratra.



Isan'andro alohan'ny handehanany any amin'ny birao dia mandalo ny rainy, ka Indray maraina, hitany ny taratasy milaza hoe:

« Dada hitondray boatina pensily hazo miloko isan-karazany aho azafady »



Ny ampitso rehefa tonga izy, dia nahita taratasy vaovao indray:
« Misaotra betsaka Dada tamin'ny boatina pensily hazo tsara tarehy! »



Hazony toky fa hitondra ny zavatra niriny ny rainy ka dia nampiseho taminy sahady ny fankasitrahany alohan'ny hazaoany ny boaty. Fampisehoana finoana tena tsara, finoana izay mankasitraka mialoha.



Mahalala tsara ny rainy ilay zaza, ary mahatoky azy Izany no antony nisaorany azy mialoha. Matoa isika tsy manana fahatokisana an'Andriamanitra, dia tsy mahalala Azy na koa tsy mahafantatra Azy tsara! Hoan'ny tsirairay,Izy no Ray tsara indrindra sy mahakolokolo indrindra. Manome ny zavatra tsara hoanireo izay miandry izany Izy.

Ny tenin'Andriamanitra milaza ao amin'ny Kolosiana 3:15.

« Mahaiza mankasitraka lalandava ianareo »